# 16 NY HEVITRA FONOSIN'NY FAMADIHANA

**TANJONA**

Mamantatra ireo hevitra fonosin'ny famadihana.

**VONTOATIM-PAHALALANA**

**Famaritana :**

Ny atao hoe famadihana dia famonosana lamba vaovao ny razana na koa famongarana azy indray mba hanatanterahana famonosana azy lamba vaovao. Anisan'ny riba na fomba fampitana azy ho any amin'ny tontolon'ny razana ihany koa izany.

**Ny hevitra fonosin'ny famadihana:**

Mifomono fangataham-pitahiana amin'ny razana sy fanamafisana ny fihavanana.

Soatoavina manana ny mahaizy azy teo amin'ny Malagasy ny famadihana, ny mampihenan-danja azy ankehitriny dia ny fihavavaha kristiana.

**Ohabolana:**

"Raha zaza tsy hialalao, modia ho tanora; raha tanora tsy handihy, modia ho antitra; raha antitra tsy hampiady kalo, modia ho razana; raha razana tsy hitahy, mifohaza hihady vomanga"

"Tonga tsy nampoizina, nasesiky ny razana"

## Sahanasa 1

1- Tanisao ireo fomba atao mialoha ny famadihana.
2- Ambarao ny hevitra fonosin'ireo fomba atao mialoha ny famadihana.
3- Tanisao ireo fitaovana omanina mialoha ny famadihana.
4- Ambarao ny hevitra fonosin'ireo fitaovana ireo.

## Sahanasa 2

1- Tanisao ireo fomba atao mandritra ny famadihana.
2- Ambarao ireo hevitra fonosin'ireo fomba ireo.
3- Tanisao ireo fitaovana ampiasaina mandritra ny famadihana.
4- Ambarao ny hevitra fonosin'ny famadihana.

## Sahanasa 3

1- Nahoana no lazaina fa manana adidy amin'ny maty ny velona?
2- Nahoana no lazaina fa adidin'ny velona ny mamadika?
3- Nahoana no lazaina fa mañana adidy amin'ny velona ny maty?
4- Amin'ny fomba ahoana no hanatanterahan'ny maty izany adidy izany?